Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY HERIN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY FAMONJENY
ARAKA IZAY HITA AO AMIN'NY
FIANTSOANY AN'I MOSESY
EKSODOSY 3

A/ FANOMANANA NY FIDIRAN'ANDRIAMANITRA AN-TSEHATRA EO AMIN'NY TANTARA :

1. Ny tantaran'i Mosesy :

- Ny Eks. 2, 1-10 dia mampiseho ny namonjen'Andriamanitra an'i Mosesy tamin'ny fahafatesana, tena avotr'aina tsotra izao no nataon'Andriamanitra tamin'izany. Ary ny anarany hoe « Mosesy » dia midika hoe « novonjena tamin'ny rano ». Izy ilay Hebreo, zanak'andevo, tokony ho novonoina raha mbola tsy feno 2 taona araka ny didy navoakan'i Farao mpanjakan'i Egypta, no avotra satria noraisin'ny zanakavavin'i Farao ho zanany ka lasa zafikelin'i Farao, mpanjakan'i Egypta aza.
- Ny Eks. 2, 11-22 kosa dia manambara ny tsy fahombiazan'i Mosesy sy ny fahadalana nitondran'ny fony azy rehefa tsy niaina niaraka tamin'Andriamanitra izy. Izy ilay zafikelin'i Farao, mpanjakan'i Egypta, no namono olona ka tonga nitsoa-ponenana dia lasa mpiandry ondry : zafikelin'ny mpanjaka (toerana ambony sady tsara) dia tonga mpiandry ondry (asa tena fara-hidiny ka fanaon'izay tena tsy mahita asa ivelomana mihitsy).

2. Tafapaka any amin'Andriamanitra ny fitarainan'ny zanak'Israely :

Ny Eks. 2, 23-25 dia efa manomana antsika mpamaky sahady amin'ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra amin'ny tantaran'ny zanak'Israely :

a) Hoy ny andininy 23b : « Ary ny Zanak' Isiraely **nisento** *noho ny fanompoany* ka **nitaraina** ary **niakatra tany amin' Andriamanitra ny fitarainany** *noho ny fanompoany* ». Ny hamafin'ny fanompoana dia hitantsika ao amin'ny Eks. 1, 8-14 ary io no nampisento sy nampitaraina ny zanak'Israely tamin'Andriamanitra satria fantany fa tsy misy hafa tsy Andriamanitra no afaka hamonjy azy. Tonga hatrany amin'Andriamanitra ny fitarainan'ny zanak'Israely.

b) Mamaly ny antso fitarainana nataon'ny zanak'Israely Andriamanitra. Hoy ny andininy 24-25 hoe : « Ary Andriamanitra **nandre** ny fitarainany, dia **nahatsiaro ny fanekeny** tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba. Ary Andriamanitra dia nijery ny Zanak' Isiraely ka **nahafantatra** azy » :
    - ny hoe « nandre » dia manomana ho amin'ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra satria ny fandrenesan'Andriamanitra dia mitarika asa avy Aminy,
    - « … nahatsiaro ny fanekeny tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba » koa Andriamanitra. Ny hoe « nahatsiaro » dia midika fitadidiana sady manamafy fa

hisy asa hataon' Andriamanitra (cf. Gen. 8, 1 ao amin'ny tantaran'i Noa / ny amin'ny avana ao amin'ny Gen. 9, 15-16 / ny amin'i Lota araka ny Gen. 19, 29 / ny hafatra ho an'ny zanak'Israely ao amin'ny Eks. 6, 5-6). Ilay Andriamanitra azo itokiana no mahatsiaro ny fanekeny ka hanao asa mifanaraka amin'izany,

- ny teny fototra nadika amin'ny hoe « nahafantatra » eto dia ny matoan-teny « *yadâ* » izay milaza fahafantarana lalim-paka sady feno olona na vahoaka iray (fa tsy hoe relation sexuelle fotsiny, araka ny mahazatra ny maro), izany fahafantarana lalim-paka sady feno nahafantaran'Andriamanitra ny zanak'Israely izany dia mitondra ho amin'ny fifidianany sy fiantsoany azy.

B/ EKSODOSY 3 :

1. Drafitra :

1. 1. Manambara tena Andriamanitra :

1-4 : Nanao ny asany amin'ny maha-mpiandry ondry azy i Mosesy no nahita roimemy nirehitra afo nefa tsy nahalevonana tao Horeba, tendrombohitr'Andriamanitra. Teo am-pijerena an'io izy no nantsoin'Andriamanitra.
5 : fahamasinan'io fihaonana io (cf. paroles + fahamasinan'Andriamanitra izay manambara tena amin'ny and. manaraka eo).
6 : manambara tena Andriamanitra (= Dieu se présente).

1. 2. Izay tafapaka tany amin'Andriamanitra :

7 : « hitako ny fahorian'ny oloko, reko ny fitarainany ».
8 : « nidina aho izao hamonjy azy, hitondra azy ho any amin'ny tany tondra-dronono sy tantely » (cf. opposition entre toeram-pijaliana tany Egypta sy qualité-n'ny tany ampanantenain'Andriamanitra).
9 = reprise and. 7

1. 3. Ny famonjen'Andriamanitra amin-kery :

10 : antso iraka.
11-14 : fanomezan-toky avy amin'Andriamanitra ho an'i Mosesy .
15-16 : iraka.
17 : asa famonjen'Andriamanitra ny zanak'Israely : « Hitondra anareo hiakatra Aho :

- ho afaka amin' ny fahoriana atỳ Egypta (= libération),
- ho any amin' ny … tany tondra-dronono sy tantely » (= exode / fahasoavana).

18-19 : resaka hatao amin'ny Farao sy ny toetrany.
20 : asa famonjen'Andriamanitra ny zanak'Israely : « Dia haninjitra ny tanako Aho ka

- hamely an' i Egypta amin' ny fahagagana rehetra izay hataoko eo aminy (contre l'ennemi),
- ary rehefa afaka izany, dia vao handefa anareo izy » (= libération).

21-22 : tombony ho an'ny zanak'Israely (= fitahiana).

2. Inona no azo tsoahina amin'izany ? :

- Entin'Andriamanitra hanakaikezana sy hihaonana amin'ny olona ny Fahamasinany mba hamonjeny azy.
- Mampahafantatra ny Tenany ho Masina sy ho Mpamonjy Andriamanitra.
- Miahy ny olony Andriamanitra (Isa. 45, 11b) ka tsy mahatanty mahita azy mijaly Izy.
- Mirotsaka an-tsehatra amin'ny famonjena ny olony Andriamanitra (Eks. 3, 8).
- Miantso mpiara-miasa Aminy Andriamanitra hanatanteraka ny asa famonjeny.
- Maniraka sy manome toky izany mpiara-miasa izany Izy.
- Manafaka ny olony amin'ny fahoriany Andriamanitra ka manome azy fiainana tsara lavitra noho ilay nampijaly azy.
- Tanana mahery no amelezan'Andriamanitra izay mampijaly ny olony.
- Famonjena ombam-pitahiana no atolotr'Andriamanitra ny olony.

D/ DINIKA :

1. Ny Herin'Andriamanitra amin'ny famonjena :

Eto amin'ny tantaran'ny niantsoan'Andriamanitra an'i Mosesy ato emin'ny Eksodosy 3, raha fintinina, dia fanafahana ombam-pitahiana no endrika ahitana ny Herin'Andriamanitra amin'ny famonjena :

a) fanafahana (Eks. 3, 8) :
   - Andriamanitra mihitsy no manatanteraka izany sy miantoka izany ka maninjitra ny Tanany hamelezany sy hamonoany ny fahavalo (cf. « dia efa nidina Aho izao hamonjy azy amin' ny tànan' ny Egyptiana » (Eks. 3, 8a),
   - fanafahana amin'ny fahoriana sy ny fampijaliana ka mamindra ho amin'ny soa sy ny fiainana feno sady tsara (cf. hitondra azy hiakatra hiala amin' izany tany izany ho any amin' izay tany soa sy malalaka, dia any amin' izay tany tondra-dronono sy tantely » (Eks. 3, 8b),

b) fitahiana (Eks. 3, 21-22) : arahim-pitahiana izany fanafahan'Andriamanitra izany mba hahatamàna ny olony ho ao am-balany.

2. Antso :

a) Manatona anao Andriamanitra :
   - misy ahatsapanao an'izany ve amin'ny fiainanao ?
   - tsapanao ve fa te-hamonjy anao Andriamanitra ?

b) Tantara mahaliana ny tantaran'i Mosesy :
   - misy anjaranao ve amin'izany sa tantara maha-te-hihaino fotsiny izany aminao ?
   - ekenao ve fa ny hanafaka anao amin'izay mamoritra sy mangeja ary managadra anao no kendreny ?

c) Ny tanjon'Andriamanitra :
   - inoanao ve fa sandry ahinjitra sy Tanana mahery no amonjen'Andriamanitra anao ka Izy mihitsy no mitsangana mamely ny fahavalonao ?
   - itokianao ve fa mahatapatapaka ny geja namatorana anao hatrizay Andriamanitra sa mbola ny fahazaran-dratsy no itokianao kokoa ka arahinao ?

d) Fanafahana ombam-pitahiana :
   - te-hanana anjara amin'izany fitahiana izany ve ianao ?

- maniry hanana anjara fotsiny ve sa vonona handray izany anjara omen'Andriamanitra anao izany ?

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

NY HERIN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY FAMONJENY
ARAKA IZAY HITA AO AMIN'NY FIANTSOANY AN'I MOSESY
EKSODOSY 3

A/ FANOMANANA NY FIDIRAN'ANDRIAMANITRA AN-TSEHATRA EO AMIN'NY TANTARA

B/ EKSODOSY 3

D/ DINIKA

A/ FANOMANANA NY FIDIRAN'ANDRIAMANITRA AN-TSEHATRA EO AMIN'NY TANTARA :

1. Ny tantaran'i Mosesy :

- Ny Eks. 2, 1-10 dia mampiseho ny namonjen'Andriamanitra an'i Mosesy tamin'ny fahafatesana, tena avotr'aina tsotra izao no nataon'Andriamanitra tamin'izany. Ary ny anarany hoe « Mosesy » dia midika hoe « novonjena tamin'ny rano ». Izy ilay Hebreo, zanak'andevo, tokony ho novonoina raha mbola tsy feno 2 taona araka ny didy navoakan'i Farao mpanjakan'i Egypta, no avotra satria noraisin'ny zanakavavin'i Farao ho zanany ka lasa zafikelin'i Farao, mpanjakan'i Egypta aza.
- Ny Eks. 2, 11-22 kosa dia manambara ny tsy fahombiazan'i Mosesy sy ny fahadalana nitondran'ny fony azy rehefa tsy niaina niaraka tamin'Andriamanitra izy. Izy ilay zafikelin'i Farao, mpanjakan'i Egypta, no namono olona ka tonga nitsoa-ponenana dia lasa mpiandry ondry : zafikelin'ny mpanjaka (toerana ambony sady tsara) dia tonga mpiandry ondry (asa tena fara-hidiny ka fanaon'izay tena tsy mahita asa ivelomana mihitsy).

2. Tafapaka any amin'Andriamanitra ny fitarainan'ny zanak'Israely :

Ny Eks. 2, 23-25 dia efa manomana antsika mpamaky sahady amin'ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra amin'ny tantaran'ny zanak'Israely :

a) Hoy ny andininy 23b : « Ary ny Zanak' Isiraely **nisento** *noho ny fanompoany* ka **nitaraina** ary **niakatra tany amin' Andriamanitra ny fitarainany** *noho ny fanompoany* ». Ny hamafin'ny fanompoana dia hitantsika ao amin'ny Eks. 1, 8-14 ary io no nampisento sy nampitaraina ny zanak'Israely tamin'Andriamanitra satria fantany fa tsy misy hafa tsy Andriamanitra no afaka hamonjy azy. Tonga hatrany amin'Andriamanitra ny fitarainan'ny zanak'Israely.

b) Mamaly ny antso fitarainana nataon'ny zanak'Israely Andriamanitra. Hoy ny andininy 24-25 hoe : « Ary Andriamanitra **nandre** ny fitarainany, dia **nahatsiaro ny fanekeny** tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba. Ary Andriamanitra dia nijery ny Zanak' Isiraely ka **nahafantatra** azy » :

- ny hoe « nandre » dia manomana ho amin'ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra satria ny fandrenesan'Andriamanitra dia mitarika **asa avy Aminy**,
- « … nahatsiaro ny fanekeny tamin' i Abrahama sy Isaka ary Jakoba » koa Andriamanitra. Ny hoe « nahatsiaro » dia midika fitadidiana sady manamafy fa **hisy asa hataon' Andriamanitra** (cf. Gen. 8, 1 ao amin'ny tantaran'i Noa / ny amin'ny avana ao amin'ny Gen. 9, 15-16 / ny amin'i Lota araka ny Gen. 19, 29 / ny hafatra ho an'ny zanak'Israely ao amin'ny Eks. 6, 5-6). Ilay Andriamanitra azo itokiana no mahatsiaro ny fanekeny ka hanao asa mifanaraka amin'izany,
- ny teny fototra nadika amin'ny hoe « nahafantatra » eto dia ny matoan-teny « *yadâ* » izay milaza fahafantarana lalim-paka sady feno olona na vahoaka iray (fa tsy hoe relation sexuelle fotsiny, araka ny mahazatra ny maro), izany fahafantarana lalim-paka sady feno nahafantaran'Andriamanitra ny zanak'Israely izany dia mitondra ho amin'ny **fifidianany sy fiantsoany** azy.

B/ EKSODOSY 3 :

1. Drafitra :

1. 1. Manambara tena Andriamanitra :

- 1-4 : Nanao ny asany amin'ny maha-mpiandry ondry azy i Mosesy no nahita roimemy nirehitra afo nefa tsy nahalevonana tao Horeba, tendrombohitr'Andriamanitra. Teo am-pijerena an'io izy no nantsoin'Andriamanitra.
- 5 : fahamasinan'io fihaonana io (cf. paroles + fahamasinan'Andriamanitra izay manambara tena amin'ny and. manaraka eo).
- 6 : manambara tena Andriamanitra (= Dieu se présente).

1. 2. Izay tafapaka tany amin’Andriamanitra :

- 7 : « hitako ny fahorian’ny oloko, reko ny fitarainany ».
- 8 : « nidina aho izao hamonjy azy, hitondra azy ho any amin’ny tany tondra-dronono sy tantely » (cf. opposition entre toeram-pijaliana tany Egypta sy qualité-n’ny tany ampanantenain’Andriamanitra).
- 9 = reprise and. 7

1. 3. Ny famonjen'Andriamanitra amin-kery :

- 10 : antso iraka.
- 11-14 : fanomezan-toky avy amin'Andriamanitra ho an'i Mosesy .
- 15-16 : iraka.
- 17 : asa famonjen'Andriamanitra ny zanak'Israely : « **Hitondra anareo hiakatra Aho :**
- **ho afaka** amin' ny fahoriana atỳ Egypta (= libération),
- **ho any amin' ny** … tany tondra-dronono sy tantely » (= exode / fahasoavana).
- 18-19 : resaka hatao amin'ny Farao sy ny toetrany.
- 20 : asa famonjen'Andriamanitra ny zanak'Israely : « Dia **haninjitra ny tanako Aho** ka
- **hamely an' i Egypta** amin' ny fahagagana rehetra izay hataoko eo aminy (contre l'ennemi),
- ary rehefa afaka izany, dia vao **handefa anareo izy** » (= libération).
- 21-22 : tombony ho an'ny zanak'Israely (= fitahiana).

2. Inona no azo tsoahina amin’izany ? :

- Entin’Andriamanitra hanakaikezana sy hihaonana amin’ny olona ny Fahamasinany mba hamonjeny azy.
- Mampahafantatra ny Tenany ho Masina sy ho Mpamonjy Andriamanitra.
- Miahy ny olony Andriamanitra (Isa. 45, 11b) ka tsy mahatanty mahita azy mijaly Izy.
- Mirotsaka an-tsehatra amin’ny famonjena ny olony Andriamanitra (Eks. 3, 8).
- Miantso mpiara-miasa Aminy Andriamanitra hanatanteraka ny asa famonjeny.
- Maniraka sy manome toky izany mpiara-miasa izany Izy.
- Manafaka ny olony amin’ny fahoriany Andriamanitra ka manome azy fiainana tsara lavitra noho ilay nampijaly azy.
- Tanana mahery no amelezan’Andriamanitra izay mampijaly ny olony.
- Famonjena ombam-pitahiana no atolotr’Andriamanitra ny olony.

D/ DINIKA :

1. Ny Herin'Andriamanitra amin'ny famonjena :

Eto amin'ny tantaran'ny niantsoan'Andriamanitra an'i Mosesy ato emin'ny Eksodosy 3, raha fintinina, dia fanafahana ombam-pitahiana no endrika ahitana ny Herin'Andriamanitra amin'ny famonjena :

a) fanafahana (Eks. 3, 8) :

- fanafahana amin'ny fahoriana sy ny fampijaliana ka mamindra ho amin'ny soa sy ny fiainana feno sady tsara (cf. hitondra azy hiakatra hiala amin' izany tany izany ho any amin' izay tany soa sy malalaka, dia any amin' izay tany tondra-dronono sy tantely » (Eks. 3, 8b),
- Andriamanitra mihitsy no manatanteraka izany sy miantoka izany ka maninjitra ny Tanany hamelezany sy hamonoany ny fahavalo (cf. « dia efa nidina Aho izao hamonjy azy amin' ny tànan' ny Egyptiana » (Eks. 3, 8a),

b) fitahiana (Eks. 3, 21-22) : arahim-pitahiana izany fanafahan'Andriamanitra izany mba hahatamàna ny olony ho ao am-balany.

2. Antso :

a) Manatona anao Andriamanitra :

- misy ahatsapanao an’izany ve amin’ny fiainanao ?
- tsapanao ve fa te-hamonjy anao Andriamanitra ?

b) Tantara mahaliana ny tantaran’i Mosesy :

- misy anjaranao ve amin’izany sa tantara maha-te-hihaino fotsiny izany aminao ?
- ekenao ve fa ny hanafaka anao amin’izay mamoritra sy mangeja ary managadra anao no kendreny ?

d) Ny tanjon’Andriamanitra :

- inoanao ve fa sandry ahinjitra sy Tanana mahery no amonjen’Andriamanitra anao ka Izy mihitsy no mitsangana mamely ny fahavalonao ?
- itokianao ve fa mahatapatapaka ny geja namatorana anao hatrizay Andriamanitra sa mbola ny fahazaran-dratsy no itokianao kokoa ka harahinao ?

e) Fanafahana ombam-pitahiana :

- te-hanana anjara amin’izany fitahiana izany ve ianao ?
- maniry hanana anjara fotsiny ve sa vonona handray izany anjara omen’Andriamanitra anao izany ?

Voninahitra anie ho an’Andriamanitra
Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay
Azy hatramin’ny taloha indrindra ka ho
Azy maharitra mandrakizay. Amen !